# Manasitrana ny Marary



Nampianatra ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa tena ilaina ny finoana mba hisian'ny fahagagana:

"Tena ilaina ny finoana mba hanasitranana amin'ny alalan'ny herin'ny lanitra. Ny Bokin'i Môrmôna aza dia mampianatra mihitsy hoe 'raha tsy misy finoana eo amin'ny zanak'olombelona dia tsy afaka manao fahagagana eo anivony Andriamanitra' (Etera 12:12) [jereo koa ny 1 Nefia 7:12; F&F 35:9]. Tao amin'ny lahateny iray miavaka mikasika ny fametrahantanana amin'ny marary dia nilaza ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: 'Matetika dia atao ambanin-javatra ny filana finoana. Matetika ilay olona marary sy ny fianakaviany dia toa miantehitra tanteraka amin'ny herin'ny fisoronana sy ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana izay antenainy fa ananan'ireo rahalahy mametratanana, kanefa ny andraikitra lehibe kokoa dia an'ilay olona hametrahan-tanana. . . . Ny singa manan-danja indrindra dia ny finoan'ilay olona raha toa io olona io ka mahatsiaro saina sy tompon'andraikitra. Naverimberin'ny Mpampianatra matetika tokoa ny hoe "Ny finoanao no efa nahasitrana anao" [Matio 9:22] hany ka saika lasa litania' ["President Kimball Speaks Out on Administration to the Sick," *New Era,* Ôkt. 1981, 47]" ("Healing the Sick," *Ensign* na *Liahona,* Mey 2010, 49).



Nampahatsiahy antsika ihany koa ny Loholona Dallin H. Oaks fa ny fahavononana hanaiky ny sitrapon'Andriamanitra dia ampahany manan-danja amin'ny fananana finoana.

"Rehefa mampiasa ilay hery tsisy fisalasalan'ny fisoronan'Andriamanitra isika sy rehefa manome lanja ny fampanantenany fa handre sy hamaly ny vavaka atao am-pinoana Izy, dia tokony hahatsiaro mandrakariva isika fa ny finoana sy ny hery manasitran'ny fisoronana dia tsy afaka ny hanome vokatra mifanohitra amin'ny sitrapon'ilay tompon'ny fisoronana. Io fitsipika io dia ampianarina ao amin'ilay fanambarana izay manoro lalana fa ireo loholon'ny Fiangonana dia tokony hametra-tanana amin'ny marary. Ny fampanantenana nomen'ny Tompo dia hoe 'izay manam-pinoana Ahy mba ho sitrana, *ary tsy voatendry ny ho faty,* dia ho sitrana' (F&F 42:48; nampiana fanamafisana). Mitovitovy amin'izany, ao amin'ny fanambarana maoderina iray hafa dia nanambara ny Tompo fa rehefa misy olona iray 'izay mangataka araka ny sitrapon'Andriamanitra . . . izany dia to araka izay angatahiny (F&F 46:30) [jereo koa ny 1 Jaona 5:14; Helamàna 10:5].

"Mianatra isika avy amin'izany rehetra izany fa na ireo mpanompon'ny Tompo aza, izay mampiasa ny heriny avy any an-danitra amin'ny toe-javatra izay ahitana finoana ampy hahasitrana, dia tsy afaka manome tsodranon'ny fisoronana izay hahatonga ny olona iray ho sitrana raha toa ka tsy izany fahasitranana izany no sitrapon'ny Tompo.

"Amin'ny maha-zanak'Andriamanitra antsika, dia mahatoky Azy isika noho ny fahafantarantsika ny fitiavany lehibe sy ny fahalalany amin'ny farany hoe inona no tsara indrindra mba hahasoa antsika mandrakizay. Ny fitsipika voalohany amin'ny filazantsara dia ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo, ary ny finoana dia midika hoe fitokisana. Nahatsapa izany fitokisana izany aho tamin'ny lahateny iray izay nataon'ny zanaky ny nenitoako nandritra ny fotoam-pandevenana ny zatovovavy iray izay maty noho ny aretina iray mahery vaika. Nilaza ireto teny ireto izy, izay nahagaga ahy tamin'ny voalohany kanefa nankahery ahy rehefa avy eo: 'Fantatro fa sitrapon'ny Tompo ny nahafatesany. Nahazo fitsaboana tsara izy. Nomena tsodranon'ny fisoronana izy. Nosoratana tany amin'ny lisitry ny olona entina amim-bavaka any amin'ny tempoly ny anarany. An-jatony maro ny vavaka natao mba hahasitrana azy. Ary fantatro fa ampy ny finoan'ity fianakaviana hoe ho sitrana izy raha tsy hoe sitrapon'ny Tompo ny haka azy hody any aminy amin'izao fotoana izao.' Nahatsapa izany fitokisana izany ao tamin'ny teny nataon'ny rain'ny zazavavikely iray hafa miavaka izay namoy ny ainy noho ny homamiadana nandritra ny fahatanorany. Hoy izy 'Ny finoan'ny fianakavianay dia ao amin'i Jesoa Kristy ary tsy miankina amin'ny vokatra mitranga izany.' Toa tena marina ho ahy ireo fampianarana ireo. Manao izay rehetra azontsika atao isika mba hanasitranana ny olon-tiantsika, ary avy eo dia matoky ny Tompo ny amin'izay vokany hitranga" ("Healing the Sick," *Ensign* na *Liahona,* Mey 2010, 50).

© 2015 ANNY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ZO REHETRA VOATOKANA

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

INSTITIOTA FIANARANA NY FILAZANTSARA